



N°008 - 10 avril 2015 - e-mail : mada@atd-quartmonde.org

EDITORIAL :

Tsy ny soa sy ny tsara ihany no mifamahofaho amin'ny fiainan'ny olombelona fa eo koa ny alahelo sy ny fahasahiranana. Izany no niseho teto Madagasikara tamin'ny fandalovan'ny rivo-doza Chedza farany teo. Amin'ny toe-javatra toy ireny moa dia matetika ny fianakaviana tena sahirana no mizaka ny tsy eran'ny aina, noho ny toeram-ponenany tsy zarizary sy ambany toerana ka mora tratran'ny tondra-drano. ary noho izy ireo tsy manan-koraisina ka tsy afa-miaro tena amin'ny voina mihatra aminy. Tsy nisy afa-bela ny ankamaroan'ny toerana rehetra teto Madagasikara tamin'ny fandalovan'ny rivo-doza iny. Anisan'izany ny toerana telo misy ny Fikambanana : Antananarivo, Toliara ary Mahajanga. Nanampy trotraka an'ireo indray ny namoizana an 'Andriamatoa ANDRIAMAMONJISOA Rolland Pascal, zoky ray aman-dreny, ny Zomà 06 Marsa 2015 teo. Sefom-pokontany tao Antohomadinka III G Hangar nandritra ny taona maro izy. Betsaka ny zava-bitany tamin'ny fiaraha-miasa tamin'ny Fikambanana ATD Quart Monde. Noho ny fanelanelanana nataony no nahafahana nanorina ny tranomboky ao Antohomadinika mba hahafahan'ny olona sahirana mikirakira boky sy hanaovana hetsika ara-kolontsaina. Tia manampy ny olona tena sahirana izy ary na efa narary sy tokony hiala sasatra aza izy dia mbola nikiry namangivangy ny tra-boina sy nitady fanampiana ho azy ireo. Natao indrindra ho fahatsiarovana azy sy ho fiderana ny herim-po nasehon'ireo fianakaviana mpikatroka rehetra ato amin'ny Fikambanana ATD Quart Monde nandritra iny tondra-drano iny ity gazety Ino Malaza laharana faha-8 ity.



Marcelline
RAMANANTSARA

RAMANANTSARA Marcelline Filoha Lefitry ny ATD Quart Monde Madagasikara

ANDRIAMAMONJISOA ROLLAND: Olona tena niavaka

Fanadihadiana nataon-dRamatoa Meltine sy Marcelline tamin'Andriamatoa ANDRIAMAMONJISOA Rolland Pascal ny 11 Aprily 2013 tao Antohomadinika tamin'ny asan'ny "Groupe Relai"

Izaho no anisan'ny mpikambana voalohany tato amin'ny ATD Quart Monde. Fikambanana iray miady amin'ny fahantrana ny ATD, samy mitambatra aloha ny rehetra, izay no nampitambatra anay ireo, satria izahay dia Fokontany iray, fa sektera samihafa. Niray hina niaraka tamin'ny ATD izahay, satria nitondra zavatra vaovao teto aminay io Fikambanana io. Ny anisan'ny fanampiana voalohany nataon'ny Fikambanana teto aminay dia tamin'ny tondra-drano 1994. Ny 80%-n'ny tanàna dia tratry ny tondra-drano avokoa. Izy no nikaroka fanampiana ho an'ny tra-boina tamina mpamatsy vola. Tamin'izay fotoana izay koa no nampidirana an-tsekoly tsikelikely ireo zaza tsy nianatra teto ami'ny Kartie, izay nahatratra 75%. Ny antony tsy nahatafiditra ny ankizy tany an-tsekoly, dia ny tsy fananany kopia nahaterahana. Vokatry ny fanentanany, dia nanao ezaka kopia nahaterahana ny ATD Quart Monde sy ny Kartie. Teo amin'ny 500 eo ho eo ny kôpia vitanay noho ny fihainoan'ny ATD, sy vokatry ny fifanatonanay sy ny ATD. Nanomboka teo dia nilaza izahay hoe tsy misy fialam-boly ny ankizy, dia nanampy tamin'ny fampanaovana dihy ny ankizy tamin'ny Fetin'ny reny ny Fikambanana. Tsy nisy koa ny fanatanjahantena, dia nampanao baolina (football) ny ankizy



ANDRIAMAMONJISOA Rolland Pascal

niaraka tamin'ny Fikambanana tao amin'ny Kianja RAMANANDRAIBE¹ koa izahay. Izaho no nangataka ny kianja hilalaovana. Rehefa misy maty dia mivondrona, mifanohana amin'ny famangiana sy fandevenana izahay, satria izany no tena mafy indrindra amin'ny Malagasy. Ny lesona azoko tamin'ny ATD dia ny hoe : "raha misy zavatra ilain'olona, dia tsy tonga dia omena azy, fa ampandraisina anjara izy". Ny azoko tamin'ny ATD koa, dia tsy manambany olona, na tanàna, na firenena mahantra, fa mankahery sy mampianatra ary manampy azy ireo hiakatra foana, izany hoe manoro ny fahafaha-manao. Tsy matiko lolo mihitsy ny zavatra azoko tao : ny fomba fiasa, ny fomba fandraisana olona, ny fomba famahana olana...

Hafatra maro no voaray taorian'ny fahafatesan-dRolland dia ireto avy :

Ny mpikambana any Toliara: Nanao zava-tsoa maro be tokoa Prezidà Rolland nandritra ny fiainany ka voarakitra ao am-po sy tsy hay hadinoina ny zava-bitany.

Jean MALAKIA : Anisan'ireo olona niady mafy ho an'ny Fokontany III G Hangar i Prezidà Rolland fa indrindra ho an'ireo olona tena sahirana. Very olo-manga ny Fonkontany ary very namana ny Fikambanana.

Susie DEVINS : Niara-namonjy fivoriana tany New York izahay sy Andriamatoa Rolland tamin'ny Taona Iraisam-pirenena natokana ho an'ny fianakaviana

Gabrielle ERPICUM : Nandalo tany aminy izahay tamin'izaho nandeha tany amin'ny firenenareo mahay mandray olona. Olona mitondra ny fiadanam-po sy ny tebitebin'ny hafa izy. Tsy mora ny manolo olona toa azy.

Monique VEYRE : Olona nihetsiketsika sy nafana fo tokoa izy. Manao an-joria foana rehefa miaraka aminy hatramin'ny andro niantombohan'ny Fikambanana tao Antohomadinika. Rolland tsy azo ahodinkodina, namana, sakaiza, mpitolona, sefo fokontany... nitondra anarana maro sy endrika samihafa.

Chantal LAUREAU : Anisan'ireo solontena tany New York tamin'ny Taonan'ny Fianakaviana i Rolland. Efa olona navitrika hatrizay izy, nihazakazaka niankavanana sy niankavia ... Teo foana izy nandritra ny sahan'asa nataon'ny tanora avy any La Réunion. Nitolona mafy izy mba hahazoana sekoly. Tena mpikatoka mafana fo i Rolland ary niady hatrany mba hananan'ny fianakaviana sahirana ao amin'ny kartie-ny fiainana tsaratsara kokoa.

Laurence VILAIN : Ny tena tadidiko dia nolaniany tamin'ny olona ao amin'ny kartie Antohomadinika ny heriny manontolo.

Ketty TREMOULU : Tena namana tokoa i Rolland, manaoatra noho ny mpiara-miasa, nafana fo be izy ary niezaka hatrany hampivoatra ny kartie-ny, tsy nampaninona azy izay fotoana lany. Noho ny fanelanelanana nataony no nahazoana ny tany nanorenana ny tranomboky ao amin'ny kartie. Tena nahavariana tokoa ny fotoana nanomananay sy niainanay ny fety...



ANDRIAMAMONJISOA
Rolland Pascal

TONDRA-DRANO :

Ampahany tamin'ny Gazetin'ny Fikambanana Foibe "Ao anaty fahamehana, tsy hadino ny hoavy"

Tena nisedra fotoan-tsarotra ny mponin'Antananarivo vokatry ny tondra-drano, indrindra ny eny amin'ny faritra iva. Trano maromaro vita amin'ny biriky, "sachets" ary baoritra no rava na simba tanteraka Nahatonga ny fifindra-monin'ny fianakaviana maro izany. Namerina niteny tamin'ny manam-pahefana ny maha-zava-dehibe sy maika ny fanorenana tetik'asa maharitra ny fianakaviana eny Andramiarana ary ny hieritretana miaraka amin'izy ireo ny fomba hiatrehana ny vanim-potoanan'ny rivo-doza; fa indrindra ny hanampiana manokana azy ireo mba hananany trano mafy fototra. Na teo aza ny fahasahiranana sy ny ahiahy isan-karazany, dia nifamangivangy ireo mpikambana mba hifanohana sy hifankahery. Asehon'ireo fianakaviana ireo isan'andro ny herim-pony, ny fanantenany ary ny firaisan-kinany. Nanana anjara toerana lehibe koa ny vavaka. Nanadio lakan-drano ny tanoran'ny Fikambanana, miara-miasa amin'ny fikambanana ao amin'ny kartien'Antohomadinika mba hiarovana ny aretina sy hahatonga ny kartie ho azo iainana kokoa. Tonga matetika namangy ny fianakaviana ny Ekipan'ny ATD Quart Monde Antananarivo. Nifampiresaka tamin'ireo tompon'andraikitry ny fokontany, sy ny BNGRC², izay nikaroka sy nandamina ny fanampiana ireo tra-boina.

¹ Tompon'ny tany nanorenana ny tranomboky ao Antohomadinika

² Birao Nasionaly Fitantanana ny Loza voajanahary

Nanokana ny heriny rehetra ny Ekipa hahafahan'ireo tena osa indrindra hisitraka ny zavatra tonga eny an- toerana mba tsy hisy atao an-kilabao. Hoy ity mpanentana iray mitantara:

"Nataonay izay hisarihana ny sain'ny ankizy hahitany ny lafy tsaran'ny rano eo anivon'ny tondra-drano. Namboly tsaramaso tanatina kapoaka plastika niaraka tamin'izy ireo izahay ary nampihaingoinay tsara tamin'ny loko ireo. Toy inona ny hasambarana nahita ny mason'ireo ankizy manjelanjelatra feno tsiky, ny tanana feno vera plastika misy tsaramaso mitsimoka avy ao anaty tany, mahatratra 5 ka hatramin'ny 10 sm. Nisy tsirim-panantenana na dia voa mafy aza. Io no nanazava ny andronay". Tena hery lehibe ho anay rehetra ireo teny fankaherezana ombam-pitiavana voarainay ary dia isaoranay indrindra anareo izany.



Fahazavan'ny tsiry vao ao anaty haizin'ny tondra-drano

Naneho ny fiombonany tanteraka amin'ny mpikamban'ny ATD Quart Monde Madagasikara ny namana rehetra manerana an'izao tontolo izao

Xavier sy Véronique GODINOT (France) : Mieritreritra mafy anareo sy ireo fianakaviana rehetra fantatray izahay.

Sophie RAZANAKOTO (France) : Aty lavitra aty dia tsy misy, afa-tsy teny fankaherezana ny fianakaviana sy ireo mpikambana izay mihetsika mba tsy hisy hohadinoin'ny Fanjakana sy ny Fiaraha-monina na iray aza, indrindra ireo tena osa indrindra.

Laurence VILAIN (France) : "Na eo aza ny fahavoazana dia mbola mihira sy mandihy foana" Izay no tadidiko amin'ireo olona be herim-po ireo. Ary tsapako ankehitriny ny hery entin'izany eo amin'ny fiainana

Claude sy André FARRER (France) : Mahatalanjona anay ny tsikinareo satria na eo anivon'ny loza vokatry ny toetr'andro aza ianareo dia mbola manan-kery hitsiky foana ary hifanohana mba tsy hisy olona hanirery ao anatin'ny loza ateraky ny rano mandrava ny fonenanareo.



Voron'ny fanantenan'ireo tanoran'ny Dakar, ny 14 Febroary 2015

Isabelle sy Stuart WILLIAMS (Sénégal) : Ny fihetsiky ny olona hampivondrona : mifamangy, mifanampy araka izay azo atao ; tsapa ny maha-eo anareo ary vavolombelon'ireny fihetsika firahalahiana sy herim-pon'ny fianakaviana ireny ianareo. Aleanay any ny voron'ny tanora tamin'ny 14 Febroary tany Dakar, hiaraka aminareo ho amin'ny fanantenana izy...

Chantal LAUREAU (France) : Mamerina ato amiko ny zavaniainana tamin'ny taona 1994 tamin'ny fotoanan'i Géralda naha-tao anaty rano ny fianakaviana indray izany rehetra izany. Ilazao ny fianakaviana ao Antohomadinika fa any aminy foana ny eritreritra. Mampiaiky ahy ny herim-pony, mitondra am-bavaka azy ireo aho.

Tiako raha mba nirobo-drano niaraka taminareo koa aho !

Hervé LEFEUVRE (France) : Tsara vintana ny fianakaviana fa afaka miantehitra aminareo, ny maha-eo anareo sy ny fanohanana azy ireo. Tena tsara ny finiavan'ireo mpanentana mandeha eny an-toerana hijery ny ankizy miaraka amin'ny fambolena keliny.

Dierdre Steib MAUSS (Nouvelle Orleans – USA) : Sady mahatalanjona no mampaniry ny fandavantenanareo sy ny finiavanareo.

Faustin NDRABU sy Pascal MAZINGE ary Bukavu (RDCongo) ho an'ny namana : Sady mifampizara no miara-mitondra aminareo ao am-ponay ny tebiteby sy ahiahinareo izahay. Andriamanitra anie hameno fanantenana, herim-po ary finiavana betsaka anareo mba hahafahanareo hiala amin'io fahasahiranana izay vao mainka mitombo hatrany io.



Famangivangian'ny Ekipa ny olona eny amin'ny kartie

Marie-Louise SAUVAGE (France) : Mahereza daholo e !

Victor J. FRIEDMANN (Israël) : Mieritreritra anareo sy ny Malagasy manontolo aho. Maneho ny firaisan-kinako aminareo, indrindra ho an'ireo olona miaina anaty fahantrana lalina. Henoko ny antsoantsonareo mitady fanampiana; mivavaka ho anareo aho mba hanananareo hery hihoarana an'io fahasahiranana io ary



Mitohy foana ny fiainan'ny kartie na eo aza ny tondra-drano

mba hahitam-panavotana amin'izany...

François PHLIPONEAU (France): Manahy mafy aho mandre izany tondra-drano any TANA izany. Lazao, inona no azoko atao ho anareo. Mahereza e !

Victor J. FRIEDMANN (Israël): Mieritreritra anareo sy ny Malagasy manontolo aho. Maneho ny firaisan-kinako aminareo, indrindra amin'ireo olona miaina anaty fahantrana lalina. Henoko ny antsoantsonareo mitady fanampiana; mivavaka ho anareo aho mba hanananareo hery hihoarana an'io fahasahiranana io ary mba hahitan-panavotana amin'izany...

Nina LIM-YUSON (Philippines): Aoka ho fantatrareo fa mivavaka ho anareo izahay, manantena koa izahay fa

hihoaranareo io fahasahiranana io. Tohizo ny fitadiavana fanampiana amin'ny governemanta sy amin'ireo rehetra afaka mitondra ny fanampiany. Manàna faharetana fa aza kivy. Mirary herim-po betsaka sy tanjaka ho anareo izahay...

Mark VESEY sy Kate EVANS (Royaume Uni): Toy ny zava-miseho rehetra, mety misy doro tanety goavana na tondra-drano be, fa aorian'izany dia fiainam-baovao no miainga avy amin'ilay lavenona na ilay fotaka nandreo teo. Mino aho fa ho tafarina sy hivoatra vetivety indray ianareo...

Thérèse LAMBERT (France): Mba hisian'ny andro tsara dia tsy maintsy mandalo fitsapana mafy, soa ihany fa eo ny herim-po sy ny fifanohanareo rehetra. Fantatro ny fomba fiatrehanareo an'io fahasahiranana io ary mitovy ny zava-kendrena sy ny dikan'ny fiainana eo amintsika...

Timothée, frera spiritain nampianatra teny frantsay tao Antohomadinika (Maurice): Mankahery anareo aho ary tsy mitsahatra ny misotra anareo amin'ny fandraisanareo andraikitra sy ny finiavanareo amin'ny fiatrehana io zava-misy io. Miombom-po amin'ny fianakaviana aho. Mankahery azy ary mivavaka ho azy...

Jean, Fabienne, Glycella ary Martin, Solontenan'ny Faritr'i

Afrique: Mampita ny eritreritra amam-pankaherezana any aminareo izahay mandritra izao vanim-potoanan'ny tondra-drano any amin'ny firenenareo izao. Ny fahitanay ny herim-ponareo dia mahatonga anay hahatsiahy ny fianakaviana any Centrafrique, izay mikaroka fiadanana amam-pandriampahalemana na dia eo aza ny herisetra. Mahatonga anay hahatsiaro ny mpanentana, izay mitovy amin'ny any aminareo ihany koa, mamorona toerana mba tsy ho very ao anatin'ny fijaliana ny fahaizana amam-paharanitan-tsain'ny ankizy. Na any aminareo, na aiza na aiza, ny tsikitsikin'ny ankizy no hany azo isarangotana ao anatin'ny fahavoazana mafy mahazo. Midera ny herim-ponareo izahay..."



Andramiarana ao anaty rano



Fihetsehan'ny "Médecins du Monde"

Ekipan'ny Tanzanie: Te haneho ny firaisan-kinanay, sy tebitebinay aminareo izahay, fa eo koa ny fitokisanay sy ny herinay, manantena izahay fa ho vitanareo rehetra miaraka ny hihoatra io vanim-potoana tena sarotra io...

Régis DE MUYLDER (Haïti): Ny taratasinareo dia maneho aminay ny finiavanareo tsy ho kivy sy ny fanohizanareo amin'ny fanorenana ny hoavy...

Pascal Lallement: Voatahiriko ao am-poko ao ireo olona tafahaona tamiko tany amin'ny kartie tamin'ny fitsidihako tany aminareo tamin'ny 2011. Mahatsiahy manokana an'ireo rehetra miaina ao anaty fahasahiranana lalina sy ireo manohana azy hiady amin'izany fahasahiranana izany aho...

Elisabeth Orth-Gassner: Miray fo tanteraka aminareo aho. Mbola ho avy ny andro tsara...

Teny mafonja nalaina tamin'ny raki-tsary misy hafatr'i Guatemala ho an'i Madagasikara:

Fitiavana, **F**iraisan-kina, **F**ahasambarana, **F**iadanana, **F**irindrana, **F**ivavahana, **E**ritreritra, **T**so-drano, **T**ambitamby, **F**ifankatiavana, **H**ery, **F**inoana, **H**erim-po, **F**anantenana, **F**o, **F**itokisana